

FANDALINANA NY FIOMPIANA

RIRININA

Jean Baptiste, tantsaha tia karokaroka,
Andriamasoandro

Olana mitranga amin'ny mpiompy trondro mandritra ny vaninandro ririnina tsy fahampian'ny sakafon-trondro sy ny fahakelezan'ny toerana hanatavizana satria ritra avokoa ny tanimbary. Eo an-dalam-pitadiavana hevitra ny momba izany ny tantsaha tia karokaroka sy ny APDRA.

Andrana iray entina hanalana ny olan'ny mpiompy sy mpamboly no iarahana manantanteraka miaraka amin'ny APDRA. Fikarohana mifantoka amin'ny fanatavizana trondro amin'ny vaninandro ririnina amin'ny alalan'ny fanomezana fanamasahana sy sakafo ka tohizana amin'ny fanalehibiazana an-tanimbary mandritra ny fotoam-pambolena no atao. Karazan-trondro 3 no anaovana ny fikarohana: Tilapia, karpa sy trondro gasy. Tsy voafetra anefa ny sakafo omen'ny tantsaha mpikaroka ny trondrony fa arakaraky ny zava-misy; ohatra azo atao tsara ny manome "drèche" iray siny isaky ny 20 andro sy zezika kisoa eraky ny angady isaky ny 4 na 5 andro, araka ny filazan'I Jean Baptiste. Amin'ny maha fikarohana azy dia tsara raha amin'ny ora sy fotoana tsy miova no hanomezana ny sakafo sy fanamasahana. Misy ihany koa ny fanaraha-maso ny haavon'ny rano, ny hafanana ambony sy ambany indrindra ary ny fidiran'ny rano ao an-dobo. Tsy dia manova ny rindran'asa fatao isan'andro ny fandraisana anjara amin'ny fikarohana toy izao, hoy ihany Jean Baptiste, satria efa mahazatra ny fandehanana any an-dobo hizaha ny zava-misy.

Vokatra roa sosona be izao mantsy no andrasana: ny fitomboan'ny trondro an-daniny ary ny fiakaran'ny voka-bary ankilany. Manantena vokatra tsara avy amin'ity fikarohana ity ireto tantsaha mpikaroka ireto na dia "virement" fotsiny aza ho an'ny trondro, izany hoe raha lanjaina ny trondro alohan'ny fikarohana sy aorian'ny fikarohana dia hirariana hisy fitomboana.

BETAMOTAMO

RAKOTOVAHINY Venance- Filohan'ny fikambanana "FITAM"
Fikambanana ny Tantsaha Miavo-tena eto Morafeno, Kaomina
Ambanivohitra Anjoma/Ramartina, Distrika Mandoto

Ilay Betamotamo 'zareo
Zay tena lazaina anareo
Distrikan'i Mandoto
Hita mazava sy hita porofo

Fehezina'i Faritra Vakinankaratra
Ny trondro amin'izay dia atao fitaratra
Koa manasa antsika vahoaka hijery
Fa ny trondro rey olona dia tena maodely

Ny APDRA no fototr'izany
Ny asa ataony miely eran-tany
Ao no tena fototra tsara
Ho fampandrosoana an'ity Gasikara

Lay Betamotamo no fototr'izany
Amin'izao fotoana lazaiko aminao

Mangataka mafy ny tekina mba hampandroso ilay fiainan-tsika

ETUDE PRATIQUE PISCICOLE
DURANT LA SAISON FROIDE

Jean Baptiste, Pisciculteur-Expérimentateur
Andriamasoandro

Pour certains pisciculteurs, tous les poissons n'ont pas été vendus à la fin du mois de juin. Contraints par le vol et la préparation des rizières, certains stockent leurs poissons dans de petits étangs, attendant le repiquage pour les réintroduire en rizière. Afin de mieux étudier ces pratiques, une étude a été lancée à la fin du mois de juin dernier par l'APDRA et les pisciculteurs-expérimentateurs. M. Jean-Baptiste, pisciculteur du FKT d'Andriamasoandro participe à cette étude.

« Au cours de cette étude nous ne modifions pas nos pratiques. Je ne dispose que d'un seul étang, dans lequel je stocke trois espèces de poissons durant l'hiver : Tilapia, Carpe et Cyprin doré. Je leur apporte des aliments et j'applique régulièrement du fumier dans l'étang. En fonction de mes disponibilités, je distribue des drèches (environ 1 seau tous les 20 jours) et du fumier de porc (Une angady tous les 4 ou 5 jours). Il est préférable de distribuer des aliments et des fertilisants de façon régulière. Nous prenons également des notes sur nos pratiques d'alimentation et de fertilisation. Une fois par semaine, nous relevons les températures minimales et maximales de l'eau. Cela ne me demande pas beaucoup plus de travail. Les pisciculteurs ont pour habitude de surveiller régulièrement leurs parcelles. Mr Jean Baptiste a dit que cette recherche ne modifie pas son habitude car le contrôle des parcelles est courant pour les pisciculteurs.

La croissance des poissons lors du stockage, ainsi que leur rendement dans le riz seront mesurés au cours de l'expérimentation. Nous espérons observer une croissance des poissons durant l'hiver.

BETAMOTAMO

RAKOTOVAHINY Venance- Président de l'Association
« FITAM » (Fikambanana ny Tantsaha Miavo-tena)
Morafeno- Commune Rurale Anjoma/Ramartina- District
Mandoto- Région Vakinankaratra

Le village de Betamotamo est ma patrie
C'est pour cela que je vous en parle ici
Village bien exposé, vue panoramique
Mandoto est son District

Dans la Région du Vakinankaratra
La pisciculture tient une bonne place
Nous vous invitons à venir nous visiter
Car ici, la pisciculture est bien développée

L'APDRA appuie les pisciculteurs
Menant des actions dans des pays proches de l'équateur
Madagascar reçoit leur appui
Plusieurs zones de l'île sont concernées aujourd'hui

La pisciculture à Betamotamo,
FITAM en est à l'origine
En ce moment, je parle et je devine,
que les villageois demandent un appui technique
Pour améliorer nos vies, il suffit d'un déclic



Aogositra 2009 – n°13 – Isaky ny telo volana

NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

La Voix des (rizi)pisciculteurs

Trimestrielle

SOMMAIRE...

PARTAGE	P.2-3
- Edito	
- Les expérimentations de contre saison sont en cours	
COMPRENDRE ET ANTICIPEZ	P.4
- Dans le monde rural, la production d'alevins est une source de revenus non négligeable en période de soudure	
PROFESSION PAYSAN	P.5-7
- Préparation de la campagne de vente d'alevins 2009/2010	
- Parcelle commune: Une volonté de réussir par le biais des expérimentations	
- Poisson fumé	
EVENEMENT	P.8
- FIER-MADA: Succès du stand de l'APDRA et FIFIMPAVA	
- Deux nouveaux recrutés à l'APDRA	
PARTENARIAT	P.9-11
- FIFIMPAVA: Un deuxième point de vente	
- Ouverture du bureau de l'APDRA à Toamasina	
- CFFTA: Compte-rendu de la 1ère phase de création	
- La situation de la rizipisciculture à Betafo	
COURRIERS DES LECTEURS	P. 12
- Etude pratique piscicole en hiver	
- Poème: Betamotamo	

TOPIMASO...

MIZARA	P.2-3
- Sasinteny	
- Efa mandeha ny fikarohana mandritra ny ririnina	
FANTARO KA OMANO MIALOHA	P.4
- Eny ambanivohitra, loharanom-bola ho an'ny asa mivaingana ny fampiterahana zana-trondro	
TONTOLON'NY ASA MAHA-TANTSAHA	P.5-7
- Fanomanana ny fotoam-pamarotana zana-trondro 2009/2010	
- Tany iombonana: Fahavononana ny hiara-handroso amin'ny alalan'ny fikarohana	
- Tonga namana ny APDRA	
- Trondro namainina amin'ny setroka	
HETSIKA	P.8
- FIER-MADA: Fahombiazana ho an'ny APDRA sy FIFIMPAVA	
FIARAHA- MIASA	P.9-11
- FIFIMPAVA: Tobim-pamarotana faharoa	
- Hisokatra ny biraon'ny APDRA ao Toamasina	
- CFFTA: Tatitry ny fanomanana azy	
- Ny endriky ny fiompiana trondro an-tanimbary ao Betafo	
TARATASIN'NY MPAMAKY	P.12
- Fandalinana ny fiompiana ririnina	
- Tononkalo: Betamotamo	

NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO	
<p>Talen'ny fanoratana (Directeur de la rédaction): Sanchez Frédéric</p> <p>Tonia (Rédacteur en chef): Rabarijaona Tsirihassina</p> <p>Mpanoratra (Rédacteurs): Tantsaha Mpiara-miombon'antoka Ekipa APDRA antenne Mada (Les Pisciculteurs—organismes partenaires—APDRA)</p> <p>Sary (Photos): APDRA antenne MADA</p> <p>Kisarisy (Caricature): Michel Randria</p> <p>Fanitsiana sy dika teny (Correction et traduction): APDRA Antenne MADA</p>	<p style="text-align: center;">MPANOHANA</p> <p>Service de Coopération et d'Action Culturelle</p> <p>Fondation Anber</p> <p>Conseil Général de l'Essone</p>
<p>Toerana fanontana: APDRA Antenne MADAGASCAR Natonta ny : aogositra 2009—150 isa— 150 exemplaires</p>	

APDRA Antenne MADAGASCAR	
<p><i>Fiompiana trondro Miaraka amin'ny Tantsaha</i></p>	
	<p>Association Pisciculture et Développement Rural en Afrique</p>
<p>Antenne de l'APDRA-France à MADAGASCAR</p>	

Miarahaba antsika mpamaky hajaina, Ho antsika eto Madagasikara, efa hifarana ny ririnina ka manomboka miditra ny hafanana. Ho an'ireo mpiompy trondro dia midika ho asa izany. Etsy andaniny, manomboka noho izany ny fijerijerena ny reni-trondro hoampiterahana, ny fanomankomanana ny tany hanaovana azy. Eny hatramin'ny toerana hivantananan'ny zana-trondro aza.

Etsy ankilany, mitarina ombieny ny mpiompy amin'ny fisian'ny halatra tato ho ato noho ny filàna ara-bola amin'ny fety isan-karazany angamba? Kanefa tsy atao hampihemotra izany noho ny maha-asa fivelomana sy fianteherana mandritra ny maitso ahitra ny fiompiana trondro.

Mitohy ny asa fikarohana manodidina ity fiompiana ity mba ahitana ny lesoka ka ahafahana mitondra fanatsarana hatrany hatrany amin'ny fotoam-pamokarana isan-karazany. Ny asa fikarohana ririnina no efa an-dalana izao.

Rehefa azo àry ny vokatra dia vain-dohan-draharaha koa ny famarotana azy toa ny vaovao entin'ny kaoperativa FIFIMPAVA amintsika etoana.

Ao Toamasina kosa, sampam-piofanana vaovao no hoatsangana. Mikendry ny fahatsaran'ny asa tontolo ambanivohitra ny CFFTA amin'izany.

Malaza koa ny FIER-MADA, nitondra inona ho an'ny mpan-drainy anjara izy ity?

Eto am-pamaranana, manana aingam-panahy hafa kely ny avy ao Ankazomiriotra ka entiny amintsika ato izany hanentanana tahaka ny mahazatra.

Mazotoa mamaky Tompoko.

Cher lecteur, A Madagascar, nous allons quitter dans quelques temps l'hiver. La chaleur approche. Pour les pisciculteurs, ce changement équivaut à des actions. D'une part, le pisciculteur commence à suivre de près l'évolution de ses géniteurs, il prépare la parcelle de ponte voire les parcelles destinataires des alevins.

D'autre part, beaucoup de producteurs ont signalé la perte de leurs géniteurs au champ, des vols causés par des besoins urgents d'argent en ces temps de festivités sociales, peut-être? Pourtant, malgré les pertes, les producteurs ne baissent pas les bras en sachant que l'activité de production d'alevins constitue la principale source de revenus en période de soudure.

Les expérimentations piscicoles en période froide continuent avec le réseau de paysans expérimentateurs. Après une période de grossissement, quand les produits sont disponibles, l'écoulement pose parfois de problème. Mais ce n'est pas le cas, apparemment, pour la Coopérative FIFIMPAVA, quel est leur secret?

A Toamasina, un nouveau centre de formation va être créé par MFR. Vous verrez le détail de la mission du CFFTA dans ce journal.

La Foire annuelle FIER-MADA fût un succès pour l'organisateur. Du côté des participants, qu'est ce qu'elle a pu leur apporter?

Et comme fin de page habituelle, nous vous réservons un poème d'Ankazomiriotra sur quelques lignes de sensibilisation.

Bonne lecture.

NY FIOMPIANA TRONDRO AN-TANIMBARY AO BETAFO

Jean de Dieu R.-
Solontenan'ny Sampandraharahan'ny Jono-Betafo

Efa zatra amin'ny fiompiana trondro amin'ny toerana misy rano ny tantsaha eto Betafo. Maro karazana ny trondro ompian'izy ireo amin'izany: ny karpa, ny tilapia sy ny trondro gasy. Ny ezaka miandry dia ny fanentanana ireo tantsaha mpiompy trondro na ny an-dobo na ny an-tanimbary mba hifidianan'izy ireo toerana azo antoka (amin'ny fahandriam-pahalemana,...).

Ireo mpiompy ireo dia tokony hofanina mba ho tonga matianina amin'ny fiompiana ary ny famokarana zana-trondro.

Noho izany dia tokony hifanaraka amin'ny zavamisy ny tekinka omena ireo tantsaha mikasika ny fiompiana trondro. Manaraka izay, ny filàna sy ny fitadiavana ny zana-trondro dia tokony hitodika any amin'ny kaoperativa misahana ny fivarotana ny zana-trondro.

I Betafo any aoriana any dia inoana fa ho tonga ho fitaratra amin'ny famokarana zana-trondro ary afaka mamaly ny filàna zana-trondro manodidina ny Faritra Vakinankaratra.

LA SITUATION DE LA RIZIPISCICULTURE A BETAFO

Jean de Dieu R.-
Représentant du Service des Pêches de Betafo

Dans le district de Betafo, la pisciculture est une activité ancienne. La disponibilité en eau explique également que cette activité soit aussi bien développée ici. Mais beaucoup de paysans pratiquent encore des techniques traditionnelles, pour lesquelles différentes espèces de poissons (carpe, tilapia, trondro gasy) sont élevées dans une même parcelle.

Des efforts à faire


Des actions de sensibilisation doivent être menées auprès des pisciculteurs pour leur permettre de choisir des sites plus appropriés à la production de poissons et améliorer les techniques d'élevage.

La réalisation de formations sur la production d'alevins permettrait d'améliorer la disponibilité en alevins pour les grossisseurs.

Toute demande en alevins devrait être adressée à une association ou une coopérative productrice afin de limiter la pêche des alevins de carpes issus des différents lacs du district.

Perspectives d'avenir

Betafo est déjà réputée pour la production d'alevins. Si cette activité se développe, la commune pourrait fournir tous les grossisseurs des communes environnantes.



Il faut que je la fasse pondre. Mes commandes sont planifiées sur toute la campagne. Gars au voleur, s'ils me prennent un géniteur, je le remplace par 10
Tsy maintsy ampiterahina ny trondro. Ny kaomandy efa mipetraka ny amin'ity taona ity. Asakasak'izay hangalatra fa raha very iray aho, misolo 10 iny

Rasaona, les autres vont te piquer tes géniteurs dès que tu te casses
Ho lasan'olona eo 'ty trondro be raha vao lasa ianao

Randria P. Michel '09



M. Daniel, un paysan expérimentateur, tenant dans sa main son géniteur de deux

CFFTA: Tatitra momba ny fizarana voalohany amin'ny fananganana azy

APDRA

Ao anatin'ny fananganana ny Ivon-toerana Fanofanana ireo mpampiofana sy teknisianina ara-pambolena (CFFTA), nanasa ny mpisehatra rehetra miasa amin'ny tontolo eny ambanivohitra ny MFR. Ny tanjon'ny fivoriana dia ny hananganana ny komity mpi-voy mandrafitra izany ivon-toeram-pampiofanana izany. Natao ny Alakamisy 06 Aogositra lasa teo ny fivoriana tao amin'ny DREN (CAPR taloha) – Toamasina.

Tantara fohy

Ny MFR dia fikambanana miasa amin'ny tontolo ambanivohitra izay manana ny foibenany any Frantsa. Efa misy folo taona no niasany eto Madagasikara amin'izao fananganany ny ivon-toeram-piofanana faha-12 izao. Manome lanja manokana ny fianakaviana eny ambanivohitra izy satria ny fiofanana dia natao hamaly ny hetahetan'izy ireny amin'ny lafiny fambolena sy fiompiana.

Maro ny mpisehatra miasa eny Ambanivohitra toy ny Fanjakana, ny sehatra tsy miankina, ny Fikambanana isan-karazany, ny orinasa, ny seham-pampiarana samihafa toy ny MFR,...Manana teknisianina na mpanolo-tsaina ara-pambolena ireto farany mba hanatratrarany ny tanjony. Etsy andaniny, misedra olana ny teknisianina na mpanolo-tsaina ara-pambolena rehefa eny an-tsaha. Mitranga izany eny amin'ny asa fanelanelanana ny tantsaha, ny mpampiasa azy ary ny Fanjakana. Hita ihany koa eo fampitana ny fahaizany any amin'ny olona kendreny. Miankina betsaka amin'ny traikefa ananan'ny Teknisianina na Mpanolo-tsaina ara-pambolena anefa ny fanatratrarana ny tanjon'ny tetikasa. Ilaina noho izany ny fanamafisana ny fahaiza-manao

Famatsiam-bola

Ao anatin'ny fiaraha-miasan'ny Faritra Atsinanana, ny Mpanolo-tsaina ny Faritra Basse-Normandie dia nanaiky ny hanampy ara-bola ny fametrahana ny Ivon-toerana (CFFTA).

Olona tonga nanatrika ny fivoriana

Maro ireo olona namaly ny antso : Solon-tena avy amin'ny Fanjakana (Sekretera Jeneraly ny Faritra Atsinanana, ny Solon-tenan'ny l'UPDR/MAEP, ny Mpamatsy vola, ny Sehatra tsy miankina (APDRA, Saint Gabrielle, ODDIT,...), ny Fikambanana Tantsaha, ny UNMFRM, ny Oniversiten'ny Tantsaha, ny Teknisianina mpisehatra ny eny Ambanivohitra, ny Mpampianatra/Mpikaroka,...

Hevitra nivoaka nandritra ny fifanankalozana

Maro ny hevitra nivoaka nandritra ny fivoriana :ny famaritana ny mpianatra azo raisina, ny tolo-kevitra momba ny taranja hianarana toy ny varotra, fahaizana mampianatra olon-dehibe, ny famoronana/ fikarohana, ny fananganana tetikasa, ny fanamboarana sarin-tany ara-teknolojika, ny biolojian'ny zava-maniry sy ny biby, Siansan'ny fambolena sy fiompiana (fiompiana trondro, fahasalamana sy fanamboarana sakafon'ny biby fiompy,...). Hodiniana ny faneken'ny Fanjakana ny CFFTA.

CFFTA: Compte rendu de la 1^{ère} Phase de création

APDRA

Dans le cadre de la mise en place du « Centre de Formation des Formateurs et des Techniciens agricoles » (CFFTA) dans la Région Atsinanana, MFR (Maison Familiale Rurale) a invité tous les acteurs du développement rural à participer au comité de pilotage le jeudi 06 août à la DREN (ex-CAPR) - Toamasina.

Historique

MFR est une institution française qui travaille dans le développement rural. Elle est à Madagascar depuis 10 ans. Le CFFTA de Tamatave est le 12^{ème} centre mis en place par MFR. Elle appuie les savoir-faire paysans en organisant des formations sur l'agriculture aux familles rurales.

Plusieurs acteurs œuvrent pour le développement rural à Madagascar : l'Etat, les différentes ONG, les associations, les Organisations Paysannes, mais aussi des entreprises. Pour mener à bien les différents projets, ces acteurs engagent des techniciens. Une fois sur le terrain, certains techniciens éprouvent des difficultés à jouer le rôle d'intermédiaire entre la population rurale, l'employeur et les autorités, comme par exemple communiquer un savoir faire à une population ou encore se présenter comme représentant des paysans auprès des autorités. La réussite des différents projets est entre autre basée sur la compétence des techniciens. Pour améliorer ces compétences, un renforcement de capacité sur les connaissances générales et techniques mais également une expérience professionnelle plus conséquente sont nécessaires.

Financement

Dans le cadre du programme de coopération décentralisée avec la Région Atsinanana, le Conseil Régional de la Basse-Normandie soutient financièrement la mise en place du CFFTA.

Personnes présentes

Nombreuses sont les personnes qui ont répondues à l'invitation : représentants de l'Etat, du MAEP, de la Région Basse Normandie, des ONG (APDRA, Saint Gabrielle, ODDIT,...), d'association paysanne, de l'UNMFRM, du Campus paysan, des techniciens, ou encore des enseignants chercheurs.

Discussion et échanges

Plusieurs thèmes ont été abordés durant la réunion : le profil des formateurs du centre : des personnes qualifiées et possédant une expérience de terrain, le type de formations mises en place (une formation pour les formateurs et une formation pour les techniciens comprenant une partie pratique plus conséquente) Sur la formation, divers modules seront proposés aux étudiants : Marketing et vente, Andragogie (pédagogie pour adultes), Expérimentation, Montage et suivi de projet, Cartographie, Biologie végétale, Biologie animale, Pisciculture, Santé et alimentation animale,...

Enfin, des propositions sur la durée et le rythme de l'alternance seront faites aux participants pour ensuite être validées. La représentante de l'UPDR/MAEP doit encore se renseigner auprès des responsables de la formation agricole du MAEP, sur les démarches à suivre pour obtenir l'accréditation et la reconnaissance du CFFTA par l'Etat.

Efa mandeha ny fikarohana mandritra ny vanim-potoana ririnina

APDRA

Ny fijerena ny hakitrokin'ny trondro nandritra ny ririnina no natao fikarohana tamin'ny taona lasa. Samy hafa ny vokatra hita tamin'ireo mpiompy na dia miadana aza ny fitombon'ny trondro amin'ny ankapobeny noho ny hatsiaka. Amin'ity taona ity kosa, misy fikarohana roa eo amin'ny fomba fanalehibeazana trondro mandritra ny fotoana mangatsiaka mitohy amin'ny mafana, nanomboka ny faramparan'ny volana jiona teo.

Tsy àry namidy avokoa ny trondron'ireo mpiompy ao Betafo ny volana jiona teo. Atoby amin'ny toerana voaomana ireo trondro madinika mandritra ny fotoana mangatsiaka. Matetika no hita ity fanao ity indrindra fa ho an'ireo mpanao voly avotra. Rehefa manomboka ny volana oktobra no alefa eny an-tanimbary izy mba hitohy ny fanatavezana. Mandritra io fotoana mangatsiaka io dia ny halatra trondro no olana misy eo amin'ny mpiompy. Na izany aza anefa, mora kokoa ho an'ireo mpiompy trondro manana tanimbary akaikin'ny trano ny manara-maso ny fiompiany. Mandritra ny fotoana mangatsiaka anefa, noho ny hafanana ambany dia tsy tsara loatra ny asan'ny fanamasahana. Mipetraka noho izany ny fanontaniana : Ilaina ve ny mitondra zezika eny an-tanimbary hanamasahana ny rano raha toa ka mety azo hampiasaina amin'ny voly hafa izany ?

Tsapa ihany koa fa voatery ireo mpiompy trondro mametraka ireo trondrony anaty dobo kely akaiky trano na amin'izay toerana saro-dalana. Voafetra ny fitombon'ny karpa eny amin'ireny toerana ireny noho izy tery sady be an-toerana ary miaina amin'ny vaninandro mangatsiaka. Misy àry ny fikarohana natao ho an'ireo fomba fiompiana roa ireo (na an-dobo na an-tanimbary) mandritra ny ririnina.

Voalohany, fandalinana ny fomba fiompy amin'ny fitehirizana hatrany amin'ny fanatavezana trondro an-tanimbary mandritra ny fotoana mafana. Rehefa fantatra mazava izany dia azo itondrana fanatsarana. Mpiompy trondro sady mpikaroka roa no manao fanandramana momba io asa io (Lahatsoratra- p.12).

Faharoa, fijerena ny fiantraikan'ny fanamasahana eo amin'ny fitombon'ny karpa mandritra ny fotoana mangatsiaka, sy ny akon'ny fanamasahana eo amin'ny voka-bary sy ny vokatra trondro mandritra ny fambolem-bary. Nozaraina roa ny tanimbarin'ny mpiompy/mpikaroka hanatanterahana izany. Amasahana amin'ny zezik'omby ny voalohany ary tsy itondrana fanamasahana ny faharoa.

Natao mitovy avokoa na ny hakitroka na ny fiavian'ny trondro mba hahafahana mampitovy ny vokatin'ny fikarohana eo amin'ireo mpiompy trondro telo hanaovana ny fikarohana.

Angonina ny trondro amin'ny fiakaran'ny volana Aogositra mba hahafahana manomana ny tanimbary. Avoaka amin'ny gazety manaraka eto ihany ny vokatr'ireo fikarohana ireo.

Les expérimentations de contre saison sont en cours

APDRA

L'an passé, les expérimentations menées lors de la période de contre saison avaient pour thème la densité d'empeisonnement. Ces expérimentations avaient montré des résultats différents pour chaque pisciculteur, ainsi que des croissances globalement faibles des carpes dues aux faibles températures. Cette année, deux études concernant l'élevage des poissons durant l'hiver poursuivi en saison chaude, ont été lancées à la fin du mois de juin.

Pour certains pisciculteurs de Betafo, tous les poissons n'ont pas été vendus à la fin du mois de juin. Les plus petits poissons sont stockés durant la période froide et seront réintroduits dans les parcelles de riz en octobre afin de poursuivre le grossissement. Au cours de cette période, la principale contrainte durant le stockage est le vol. Pour les pisciculteurs qui possèdent des rizières proches des habitations, il est facile de surveiller les poissons. Mais ceux-ci pratiquent également des cultures de contre saison. Durant l'hiver, du fait des températures basses, la fertilisation est moins efficace. Est-il utile alors d'apporter du fumier pour fertiliser l'eau de la rizière alors que cette fertilisation pourrait être utilisée pour le maraîchage ?

Les autres pisciculteurs sont contraints de stocker leurs poissons dans de petits étangs proches des maisons ou difficile d'accès. Les densités d'empeisonnement élevées et les faibles températures limitent alors la croissance des carpes.

Pour ces deux stratégies d'élevage (stockage en étang ou en rizière durant l'hiver), deux études ont été lancées. La première est une étude des pratiques de stockage et de grossissement poursuivi dans le riz lors de la saison chaude. Elle vise à décrire précisément ce cycle afin de pouvoir y apporter d'éventuelles améliorations. Pour cela, les croissances des poissons et les pratiques d'élevage seront suivies chez deux pisciculteurs expérimentateurs (Voir article – p.12).

La deuxième expérimentation a pour objectif d'étudier l'effet d'un apport de fertilisants lors de la période froide sur la croissance des carpes durant la recherche ainsi que sur les rendements de riz et de poisson durant la saison rizicole. Pour cela, chacun des pisciculteurs expérimentateurs a séparé l'une de ses rizières. D'un côté, l'eau est fertilisée à l'aide de fumier de zébu et de l'autre, aucune fertilisation n'est apportée.

Pour pouvoir comparer les résultats des participants, la même densité d'empeisonnement a été appliquée sur toutes les parcelles et les poissons introduits sont de même origine chez les trois pisciculteurs.

A la fin du mois d'août, les poissons seront récoltés afin de préparer les rizières. Les premiers résultats seront présentés dans le prochain numéro.



Pesage lors de l'empeisonnement des parcelles d'expérimentation—juin 09



Préparation de la reproduction des carpes— Ranaivo et sa femme—

Eny ambanivohitra, loharanom-bola ho an'ny asa mivaingana ny fampiterahana trondro

Tonga ny volana Aogositra, samy mihetsiketsika manomana sahadry ny fampiterahana ny mpiompy tsirairay na dia eo aza ny hasomparana isan-karazany ataon'ny mpangalatra. « Asa efa fanao ny fampiterahana ka miroso hatrany izahay na eo aza ny olana ».

Efa nanomboka ny volana aogositra ny fanomanana ny tany hasiana vary aloha sy ny hivantanan'ny zana-trondro hoalehibeazina rehefa vita avy voalohany ny vary. Voamarika fa lasa aloha ny fanomanana tamin'ity taona ity. Be mantsy ny kaomandy avy amin'ireo olona nofanina tamin'ny fanalehibeazana raha ho an'ireo mpamokatra ao Betafo no resahina. Anisan'ny nampisonandrotra ny kaomandy ny fahafaham-pon'ireo mpividy tamin'ny taondasa. Nahazo zana-trondro salama tsara sy mavitrika izy ireo noho ny fisian'ny foto-drafitr'asa famatsiana rano ary ny fiakaran'ny isan'ny tantsaha manao vary aloha.

Mipetraka ho olana hatramin'izao dia ny fahateran'ny toerana hitahirizana sy ny mpangalatra ka mahia ny reni-trondro. Ny tapaky ny volana septambra izao no manomboka ny fampiterahana trondro ao amin'ny distrikan'ny Betafo- Antsirabe II, ka tsy mifarana raha tsy ny volana febroary. Efa samy nanomana hatramin'ny taom-pamokarana farany lasa teo ny tsirairay. Reni-trondro roa farafahakeliny no hampiterahana isam-pianakaviana. Nefa kosa misy ny manana hatrany amin'ny 10 isa ny fianakaviana sasany. Tsy olana ny fanomanana satria efa samy nampihatra ny fiofanana fisafidianana ny reni-trondro ny mpiompy niara-niasa tamin'ny APDRA hatramin'ny heritaona. Ireo mbola tsy nanao izany kosa dia hifidy amin'ireo tahiry rehefa tonga ny fotoana fa samy namahana ihany na dia kely aza ny fatra nomena.


Eo ihany koa ny fitohizan'ireo asa ratsin' ny mpamaky dobo sy ny tanimbary fitahirizana reni-trondro. Nanomboka ny volana jolay izany ka hatramin'izao. Ho an'ny vohitra iray ao avaratr'ny Betafo ohatra dia dobo 2 ka hatramin'ny 4 isan'alina no vaky ary misesy in-droa isan-kerinandro izany. Ireo very trondro kosa dia tsy kivy fa miezaka hatrany hanarenana izany.

Samy manana ny tanjona amin'ny fampiasan'ny tantsaha ny vola ao amin'ny toeram-pamokarana ireo fotoana fampiterahana ireo: ny fampiterahana mandritra ny septambra sy oktobra no miantoka ny fanetsana sy ny fiavana ny vary aloha sy vary vaky ambiaty ary ny voly am-bohitra, ny fampiterahana volana novambra sy desambra, hikarakarana ny voatabia mandimby ny vary aloha, ny avy vary afara,... Ny fampiterahana ny volana janoary ka hatramin'ny volana febroary indray dia efa hitsinjovana ny ririnina, hanomanana asa lehibe (ohatra :fanorenana trano).

Dans le monde rural, la production des alevins est une source de revenus non négligeable durant la période de soudure

Ramahazomanana Pierre JL, Fkt Ambohitsara
Randriamahazomanana Toussaint, Fkt Andriamasoandro.

